

ALAHADY TRINITE – TAONA B 2018



« Koa mandehana ianareo, mampianara ny firenena rehetra, manaova Batemy azy amin'ny Anaran'ny Ray sy ny Zanaka sy ny Fanahy Masina »
(Mt. 28: 19)

Ry Kristianina havana, tamin'ny Alahady lasa teo niara-nankalaza ny pantekôty isika, zavatra maromaro no nasongadintsika anisan'izany ny fomba hahafantarana fa eo anivontsika ny Fanahy Masina ary manentana antsika izy hiombona ho olo araiky sy ho fianakaviana iray

Vakiteny I : Det. 4, 32-34. 39-40

Tononkira : Salamo 32

Vakiteny II : Rôm. 8, 14-17

Evanjely : Mt. 26, 16-20

amin'Andriamanitra. Ny Pantekôty dia maniraka antsika hitondra ny vaovao mahafaly, hizara ny hafalian'ny Paka, hizara ny fandresen'i Kristy ny fahafatesana eo anivon'ny mpiara-belona.

Ny Pantekôty dia maniraka antsika hanorina ny Eglisy Tranon'Andriamanitra sy ny Eglisy Olona Velona fa

indrindra taorian'ny fankalazana manetriketrika an'i Lucien Botovasoa ho olontsambatra. Manana modely isika no manana mpivavaka ho antsika, izy izay nanorina ny Eglisy Tranon'Andriamanitra sy Eglisy Olona Velona nandritra ny fiainany. Ho dinihintsika bebe kokoa izany indrindra amin'izao taonjato iainantsika izao, isika no Lucien Botovasoa eo anivon'ny fiaraha-monina eto Madagasikara, mba ho pantekôty vaovao isika. Irahina isika hiroso sy hiomana ny filankevitra pastoraly. Io no senakla ho antsika, hiaraka hivavaka amin'i Masina Maria isika mba hidinan'ny Fanahy Masina ny mpivory, ho hisy fandrafetana sori-dàlana sy toro-làlana vaovao.

Ny endrika no havaozina fa tsy hoe handrava ny Eglisy efa 2000 taona mahery isika fa hametraka dingana vaovao amin'izao faha 60 taona ny maha Arsidiosezintsika izao. Tsy misy ny diosezy, tsy

misy ny arsdiosezy fa ianao, izaho, isika oloaraiky jiaby no manorina an'izany ka tonga ny fotoana hanorenantsika ny Eglisy Olona Velona izany. Isika izao no taranaka mpanorina.

Amin'izao Alahady manaraka ny pantekôty izao dia antsoin'ny Eglisy hisondrotra lavidavitra kokoa isika dia ny hibanjina ny Trinite Masina (Ray, zanaka, Fanahy Masina) fototry ny fanorenana, izy no modely farantampony, izy no loharano nipoiran'ny fanorenana izany.

Ny lahatr'Andriamanitra tamin'ny voalohany dia isika ho fianakaviana iray ao aminy ka tsy mahagaga raha apetrik'Andriamanitra hatramin'ny voalohany ho modely amin'ny fainana rehetra ny fifankatiavana, ny fiombonana, ny firaisan'ny Trinite Masina Ray Zanaka Fanahy masina. Samihafa izy ireo fa mitovy tanteraka, miray tanteraka, Andriamanitra tokana fa olona telo. Izany koa no modely ho antsika, maro samihafa isika, maro sampantsampana ny fainantsika olombelona fa antsoin'Andriamanitra ho iray fianakaviana aminy isika araky ny taratasy nosoratan'i Papa "exhortation apostolique" farany teo, herinandro mialoha ny fanambarana olontsambatra an'i Lucien Botovasoa, taratasy manantitrantitra antsika fa ny vocation ntsika dia ho olona masina. Ny hoe masina dia ny fiombonana amin'Andriamanitra. Raha mankalaza antsika androany an'Andriamanitra tokana fa olona telo dia azo lazaina fa mandinika ny antso avo ataon'Andriamanitra amintsika ho masina sy ho fianakaviana iray ao aminy.

Ireo vakiteny aroson'ny Eglisy amintsika androany dia mampianatra antsika fa Andriamanitra tsy lavitra no Andriamanintsika fa eo anivotsika ary mikolokolo sy mikarakara antsika. Andriamanitra Ray be fitiavana sy hiantso antsika hiombona aminy. Andriamanitra irery, ny Tompo irery no Andriamanitra any ambony ary tsy misy hafa fa Andriamanitra tokana olona telo Trinité Masina. Na dia izany aza dia Andriamanitra mikarakara antsika izy, manome toro-làlana ho antsika ka ny adidintsiaka dia ny manatanteraka ny sitrapony. Manaraka ireo làlana atorony antsika, manaraka sy manatanteraka ny sitrapony, izay no mahasoa antsika. Raha isika manatanteraka an'izany dia manambara fa zanak'Andriamanitra isika, izany no maha fianakavian'Andriamanitra antsika na vahoakan'andriamanitra antsika, izany no anorenantsika ny fainantsika ka mahatonga antsika ho Eglisy Olona Velona.

Voalazan'i Md Paoly ao amin'ny vakiteny faharoa, manambara fa isika vita batemy dia nandray ny Fanahin'Andriamanitra, tonga zanak'Andriamanitra, tsy Andriamanitra lavitra ny Andriamanitra Trinite masina fa tafiditra ao anatin'izany isika ka afaka miantso an'Andriamanitra hoe" Aba Ray". Mahafantatra antsika sy be ftiavana ary famindrampo izy Raintsika. Ny tadiaviny dia isika hiombona aminy sy hamboraka aminy ny fainantsika, ny hetahetam-pontsika, ilay vavaka nampianarin'i Kristy antsika averimberintsika manambara fa Raintsika tokoa izy ary tsy lavitra antsika. Ray mikarakara antsika ihany koa ka antsointsika hoe Rainay any an-danitra.

Ny Evanjely androany manamafy fa tsy Andriamanitra mikombona ny Andriamanitra Trinite masina, raha vao nanota isika dia tsy lavitra antsika Andriamanitra fa nikarakara antsika. Niantso ireo mpaminany, niantso ireo mpanjaka tamin'ny vahoaka jody mba hikarakara an'izany vahoaka izany, hanomana indrindra ny fahatongavan'ny zanany dia i Kristy, izy izay manambara ny tsiambaratelo tsy ho takatry ny saintsika mikasika ny Trinite masina. Tonga teto anivotsika izy, nandray ny Fanahy Masina isika rehefa tanteraka soa amantsara ny famonjena. Isika miombona aminy no famonjena, isika mihavana aminy, ilay fampihavanana tanteraka teo amin'ny fanolorany ny tenany. Isika koa no Kristy mpiara-belona amin'olona araky ny fampianarana azontsika ka izany no entintsika manorina ny Eglisy Tranon'Andriamanitra sy ny Eglisy Olona Velona. Tsy amin'ny anarany herisetra,

na fanapotehana, na fanilikilihana fa kosa fiantson'olona rehetra mba ho zanak'Andriamanitra, izany no antitranterin'ny Evanjely raha maniraka ireo mpianatra i Jesoa hanao batemy.

Tsy tafika hampandry tany sanatria ny fanirahana nataony tamin'ireo apôstôly fa fanorenana ny fianakavian'Andriamanitra tamin'ny alalan' ny fanaovana batemy sakramenta hahatonga antsika ho zanak'Andriamanitra. Tsy ny herintsika no anatanterahana an'izany araky ny lazain'i Kristy ao amin'ny evanjely "indro aho eo aminareo mandrakariva mandrapahatongan'izao tontolo izao". Ny maha génération bâtisseur antsika àry dia ny mitondra ny vaovao mahafaly miaraka amin'i Kristy, izany no fanorenana tena izy anatin'ny fampihavanana, anatin'ny fifankatiavana ary anatin'ny fankatoavana tanteraka satria izany ny finoana. Io no antony hanaovana batemy, ny finoana no maha voavonjy, ny finoana dia fanekena fa i Jesoa no mpanavotra, ny Fanahy Masina no maniraka antsika manambara an'izany. Ao amin'Andriamanitra Ray no hahazoantsika ny tena hasambarana. Izany no antenaintsika amin'izao fankalazana manetriketrika ny Trinite Masina izao ka ny Fanahy naniraka ny apôstôly koa anie haniraka antsika.

Ry Jesoa Tompo ô, mankalaza ny Trinite Masina fiombonan'ny Ray Zanaka sy Fanahy Masina izahay ankehitriny, enga anie mba ho iray Fo izahay ka ho lavitra aminay ny fizaraazarana, ho fianakaviana iray ao aminao izahay, ho oloaraiky ao aminao izahay ka hampanjaka ny fifankatiavana, ny rariny sy ny hitsiny ka hitondra anay hitady mandrakariva ny soa iombonana ka amin'izay afaka hankalaza anao mandrakariva eo amin'ny fiainanay andavanandro satria ny mahalala anao Andriamanitra Ray zanaka Fanahy Masina no tena fiadanana, ka enga anie hanjaka amin'ny tananay sy ny firenenay, eo anivon'ny Eglisy anie ny Trinite masina ka hanome voninahitra azy mandrakariva izahay amin'ny ataonay rehetra, ho entinay hanorenana ny Eglisy Tranon'Andriamanitra sy Eglisy Olona Velona. Ampio izahay amin'izao fiomanana ny filankevitra pastôraly izao, ny Fanahy Masina no hanentana anay mianakavy, hanentana anay tsirairay amin'ny dinidinika ataonay. Amen

Mompera Arseveka Mgr Benjamin Ramaroson